



www.madagate.com

**FANAMBARANA AVY AMIN’NY MASOIVOHO AMERIKANA**

**Alatsinainy faha-30 Desambra 2013:** Manantitra ny fiarahabana ny vahoaka Malagasy izahay noho ny nandraisany anjara tao anatin’ny filaminana tamin’ny fifidianana solom-bavam-bahoaka sy filoham-pirenena ny 20 Desambra teo, izay notohanan’ny Firenena Mikambana.

Mbola arahan’ny mpanara-maso akaiky ankehitriny ny fanisana ny vokatry ny latsa-bato ao anivon’ny CENI-T. Mampirisika ny manam-pahefana Malagasy izahay hanao izay hahazoana antoka hatrany fa ao anatin’ny fomba fiasa mirindra tsara sy mangarahara no anatontonsana ny fanisam-bato mba ho azo itokisana ny vokatra mivoaka.

Hita fa efa madiva hifarana izany fanisam-bato izany, koa ampirisihinay ny kandida sy ny antoko politika voakasika mba hanaraka ny lamina napetraka sy handefa ny fitoriana na fitarainana tiany hatao any amin’ny Fistarana Manokana ho an’ny Fifidianana (CES) alohan’ny 31 Desambra, daty farany ahazoana mandray izany.

Miara-miombona amin’ny fanantenan’ny vahoaka Malagasy i Etazonia mba ho mariky ny fiantombohan’ny fiverenana amin’ny fitondrana demokratika eto Madagasikara izao fifidianana izao. Manentana ny hery velona voakasika rehetra izahay mba hanao izay mahasoa ny vahoaka Malagasy ho vain-dohan-draharaha, ary hiara-hientana hamerenana ny fanjakana tan-dalàna, hiaro ireo zon’olombelona ekena maneran-tany, ary hiara-hiasa ao anatin’ny fampihavanana mba hamerenana ny firenena ho amin’ny làlan’ny fiainana ara-politika sy

ara-toe-karena mirindra.

Ho an'ny latsa-bato tamin'ny 20 Desambra, dia notohan'ny Fitondrana Amerikana ara-bola ny fanaraha-maso nataon'ireo mpanara-maso iraisam-pirenena avy tamin'ny *Carter Center*, fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana ary mahaleotena. Miara-niasa amin'ny *Electoral Institute for Sustainable Democracy in Africa* (EISA) ny *Carter Center* amin'ny fanaraha-maso ny lamina mahakasika ny latsa-bato sy fandalinana ny tontolo ara-politika mivelatra kokoa ary ny fanatontosana ny fanisana sy fandravonana ny voka-pifidianana.

********************************

**EISA et Centre Carter: Les élections se sont bien déroulées**

Mardi, 24 Décembre 2013

A trois jours après les scrutins présidentiels et législatifs, l'intérêt de la population malgache est tourné

Parallèlement à cela, pour [illegible]

L'EISA et le centre Car[illegible]

Et le point le plus important qui a été abordé concerne la réconciliation nationale. En effet, plus qu'une

**[Yanne Lomelle - La Gazette](#)** **[de la Grande île -](#)**